



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavahe - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-266

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:

- Volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme de Développement de Filières Agricoles Inclusives (DEFIS) conclu le 28 Juin 2022 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) et son amendement»;
- Volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»;
- Volavolan-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AfOA), dont Madagascar, et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord».

Fivoriana faha-27
Natao ny
Alatsinainy 19 Jona 2023
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Irmah Lucien
- ANGELE Solange

FOTOANA: Alatsinainy 19 Jona 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:

- Volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme de Développement de Filières Agricoles Inclusives (DEFIS) conclu le 28 Juin 2022 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) et son amendement»;
- Volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»;
- Volavolan-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AfoA), dont Madagascar, et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord».

Nitohy ny Alatsinainy 19 Jona 2023, tamin'ny 3 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 ny tenany mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-19 Jona 2023 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra, nandinika ny

Volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme de Développement de Filières Agricoles Inclusives (DEFIS) conclu le 28 juin 2022 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) et son amendement».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. TSARADIA Marco
3. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
6. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
7. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
8. RAVONTY Tam-Téon Luc
9. RABEKIJANA Solofo Hery
10. FIENENA Richard

Ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RABENARY Jean
2. RAHARIMAMPIONONA
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana dia Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina.

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Nisolo tena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto;

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

- | | | |
|----|--------------------------------|---------------------------------------|
| 1. | RAMILISON Harifidy | Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana |
| 2. | RABEONY Voara | DAJC/MinAE |
| 3. | RANDRIANARITIANA Pierrot Serge | CN DEFIS |
| 4. | RASAMIRAVAKA Ioby | DDP |
| 5. | RAZAFINDRABE Haingo Mbolaso | DDP/SADE |
| 6. | RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra | DDP/SASD |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nandritra ny fandraisany fitenenana dia nambaran'ny teknisiana, fa ity Volavolan-dalàna ity dia tsy tetikasa vaovao fa efa nisy tamin'ny taona 2018 izay mitentina 250 tapitrisa dolara. Tsy ampy anefa io vola io, ka izany no nahatonga ity vola fanampiny ity.

Ny tetikasa dia miompana amin'ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo mponina marefo any Ambanivohitra mivelona amin'ny alàlan'ny asa fambolena. Ny tanjon'ny tetikasa dia ny hanova ny seha-pamokarana nentim-paharazana ho seha-pamokarana mahomby kokoa mamaly ny filàn'ny tsenda. Mitarika any amin'ny fanjariana ara-tsakafo ihany koa izany. Faritra miisa 9 no iompanan'ny tetikasa: Androy, Anosy, Ihorombe, Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo-Atsinanana ary Atsimo-Andrefana.

Mitentina 61 000 000 dolara Amerikana na 247 425 760 000 Ariary ny famatsiam-bola fanampiny, ka averina ao anatin'ny 40 taona ny findramam-bola ka ny 10 taona voalohany dia tsy amerenam-bola. Tsy misy zanabola aloa, fa ny "commission de service" dia 1,48% raha toa 0,75% amin'ny vola azo izany teo aloha. Ny Minisitery mpiahy ny tetikasa dia ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary 6 taona ny faharetan'ny tetikasa.

Tokantrano miisa 320 000 no hahazo tombontsoa amin'izany, ka ny 30% amin'ireo dia tanora sy vehivavy.

Ny seha-pihariana tohanany dia ny vary, katsaka, mangahazo, voanjo, kafe, tongolo, tantely, "sorgho, millet" ary ny fiompiana.

Ahitana "composantes" 3 ny tetikasa:

- fampiakarana ny taham-pamokarana sy fahafahana miatrika ny "choc climatique";
- fanampiana ny tantsaha hisitraka ny hanam-pamokarana sy fitaovam-pamokarana madinika sy vaventy;
- fampiofanana sy fampianarana ny tantsaha mikasika ny seha-pamokarana voalaza teo aloha sy fampiakarana ny habetsahan'ny vokatra.

Taorian'ny fanamarihana sy ny fanontaniana avy amin'ny mpivory dia niroso avy hatrany tamin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna ny Vaomiera mpanapakevitra.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme de Développement de Filières Agricoles Inclusives (DEFIS) conclu le 28 juin 2022 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) et son amendement*» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory. Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana momba izany ny Solombavambahoaka, ka nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana.

Nanao satroka, Andriamatoa DJAOSERA Irénée, ka nangataka ny hamakiana misesisesy ny tatitra rehetra izay vao miditra amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba izany mba tsy handaniana fotoana be loatra satria volavolan-dalàna mikasika findramam-bola na «accord des prêts» daholo izy ireo.

Satroka koa no nataon'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, ka nambarany fa volavolan-dalàna samihafa no sady tsy mitovy izy telo hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra ireo. Noho izany, nangataka ny tenany amin'ny tokony handinihana azy tsirairay avy satria zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ny firenena izy ireo.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ka nohamafisiny ny tsy fitovian'ireo firenena mpamatsy vola mikasika ny volavolan-dalàna sy ny fomba anaovana ny findramam-mbola ary ny fotoana hanatanterahana ireo tetikasa ireo.

Niangavy ny tenany mba hanana faharetana ny Solombavambahoaka amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra tsirairay mikasika ireo volavolan-dalàna ireo.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanitsiana, Andriamatoa Minisitry.

Ao amin'ny pejy faha-3 amin'ny tatitra, novakiana teo, manao hoe: "Tsy ampy anefa io vola io.....", aleo soloina hoe: "Mbola tsy feno io vola io..."

Taorian'izany, nomena fitenenana Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana, mba hanazava ny votoatin'ny volavolan-dalàna.

Nasongadiny nandritra ny fandraisam-pitenenany ireo zava-dehibe voalaza ao anaty tatitra, toy ny efa nankatoavan'ny Antenimierampirenena ity volavolan-dalàna mikasika ny tetikasa DEFIS ity tamin'ny taona 2018. Noho ny tsy fahampian'ny vola nentina nananteraka ny tetikasa anefa dia nanao findramam-bola fanampiny «fonds additionnel» ny fitondrampanjakana. Notombanana ho "250 000 000 de Dollars" izany satria nisy ireo mpamatsy vola hafa, toy ny "Banque Africaine de Développement" na ny BAD nanaiky hiara-hiasa amintsika ihany koa.

Mazava ny voalazan'ny tatitra teo; Faritra miisa 9 no hisitraka ny tetikasa ary efa eo andalam-panatanterahana avokoa ny asa amin'izao fotoana izao.

Vola mitentina 61 000 000 dolara Amerikana na 247 425 000 000 Ariary no famatsiam-bola fanampiny. Ao anatin'ny 40 taona no hamerenana ny findramam-bola, ka ny 10 taona voalohany dia tsy amerenam-bola, tsy misy zanabola aloa, fa ny «commission de service» dia 1.48% raha toa 0.75% amin'ny vola azo teo aloha izany.

Araka ny voalaza teo, ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana no mpiahy ny tetikasa ary maharitra 6 taona no faharetan'ny asa. Tokantrano miisa 320 000 no hahazo tombontsoa, ka ny 30% amin'ireo dia tanora sy vehivavy avokoa ary asa fambolena sy fiompiana izay efa fanaony andavan'andro no hanampiana azy ireo.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana nentiny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia fisaorana ny Vaomiera nahavita nandinika ny volavolan-dalàna niaraka tamin'ny Minisitry no nataony, ka nahatongavana amin'izao fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra izao. Ny antony, satria hita fa tena hahasoa ny firenena ity volavolan-dalàna ity, raha tsy hilaza isika, fa Faritra miisa 9 be izao no iompananan'ny tetikasa.

Rehefa izany, nanentana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenany mba handany ity volavolan-dalàna ity.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DJAOSERA Irénée, nampahatsiahy ny tenany fa efa hifarana tsy ho ela ny fonom-piasan'Andriamatoa Filohampirenena. Izany hoe, efa-bolana sisa, ka tsy tokony hametraka trosa ho an'ny vahoaka Malagasy izay maharitra 40 taona intsony isika raha ny marina.

Nomarihany koa, fa nampiakarina ho 1.48% ny «frais de commission de service» tamin'ity fampindramam-bola fanampiny ity, tsy toy ny teo aloha izay 0.75% monja.

Notsindriany koa, fa matetika ny zava-misy, trosa tsy zakan'ny vahoaka Malagasy no ampiasain'ny sasany hatao fitaovana mandritra ny fampielezan-kevitra, ka tsy mety ny tahaka izany.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nifandimby nataon'ny Solombavambahoaka isany ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ANGELE Solange, RAZAFINANDRASANA Raulan, RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, RAVONTY Tam Teon Luc Urbain dia samy nanamafy izy ireo, fa tombontsoa lehibe ho an'ny firenena ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity satria hitarika fampandrosoana ho an'ny Faritra maro izany.

Tamin'izay fandraisam-pitenenana izay koa dia nisy Solombavambahoaka nanamarika, fa tsy vao izao no nisy fanjakana ho tapitra ny fe-potoam-piasany, ka tsy nindram-bola hanaovana tetikasa hahasoa ny vahoaka Malagasy.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fanontaniana no napetrany momba ny tsy nilazana mazava ny Distrika hisitraka ny tetikasa tao amin'ny tatitra. Inona no anton'izany, hoy izy.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, kosa nanamarika fa maharesy lahatra azy ny fahazoan'ireo tanora sy vehivavy tombontsoa amin'ny fisitrahana izao tetikasa izao.

Teny am-pamaranana ny teniny, samy nitaona ny Solombavambahoaka avokoa izy ireo mba handany ny volavolan-dalàna satria tanindrazana iraisana i Madagasikara ary mendrika hisitraka fampandrosoana.

Mbola nomena fitenenana, Andriamatoa DJAOSERA Irénée ary nambarany fa tsy manohitra ny hankatoavana ity volavolan-dalàna ity ny tenany, saingy aleo apetraka amin'ny toerana maha Solombavambahoakan'i Madagasikara azy ny Solombavambahoaka. Izany hoe, manana andraikitra ho mpanara-maso ny asan'ny Mpanatanteraka sy hanadihady ny tombontsoa ho an'ny vahoaka Malagasy momba ny trosa avela aminy sy ny taranany ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAHARIMAMPIONONA, nanamarika fa tena tombontsoa ho an'ny Faritra sy Distrika maro tokoa ny fisian'ny tetikasa tahaka izao, eny na dia somary tara amin'ny resaka fampandrosoana aza ny Distrika misy azy. Noho izany, tsy tokony hanahy ny Solombavambahoaka amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna satria fampandrosoana no resahana.

Taorian'izany, nomena fitenenana Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, mba hamaly ny fanamarihana sy fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Nambarany fa raha mikasika ny «commission de service» 0.75% izay lasa 1.48% dia aleo omena fitenenana ny teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hanazavany ny momba izany.

Mikasika ny Distrikan'i Manandriana kosa, rehefa ao anatin'ny «zone d'intervention»-n'ny DEFIS dia tsy maintsy mahazo fanohanana amin'ny alàlan'ity tetikasa ity. Izany no antony nangatahana izao «financement additionnel» izao, mba hahafahan'ireo Distrika ao anaty Faritra miisa 9 izay voalaza teo hisitraka ny tetikasa. Izany hoe, izay mbola tsy nisitraka mba hisitraka ny tetikasa. Eo andanin'izay, misy ihany koa ny tetikasa fanamboarana fotodrafitrasa maro, toy ny làlana sy tohadrano izay tena ilain'ny tantsaha amin'ny famokarana mba hamelomany ny ankohonany sy ny firenena mihitsy aza.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa RABEONY Voara, Teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Nohamafisiny fa 0.75% ny «commission de service» teo aloha ary niakatra 1.48% izay tamin'ity findramam-bola ity. Ny antony, «prêt concessionnel» no hataontsika amin'ity findramam-bola ity.

Raha ny «Fonds International de Développement Agricole» (FIDA) manokana indray no resahana, ny «commission de service» ho azy ireo dia miankina amin'ny zava-misy eo amin'ny tsenam-barotra ny taha arahiny. Raha tamin'ny «financement initial» izay vita sonia tamin'ny 13 Desambra 2017 dia io 0.75% io no taha nampiharina tamin'izany, fa amin'ity findramam-bola fanampiny ity kosa, efa tamin'ny taona 2022 no vita sonia, ka ny taha 1.48% no nampihariny tamin'izay fotoana izay. Raha lazaina amin'ny teny tsotra, miovaova arakaraky ny tsenam-barotra ny taha apetraky FIDA, kanefa mbola tafiditra ao anatin'ny «prêt concessionnel» ihany ny zavatra hataontsika hatreto.

Taorian'izay, nisaotra ny solotenan'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ao anatin'ny fifanarahana ireo, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nambarany koa fa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tahaka izao dia ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka, tsy nisy nangataka fanemorana ary iray no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme de Développement de Filières Agricoles Inclusives (DEFIS) conclu le 28 Juin 2022 entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) et son amendement*».

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana, raha misy teny tiany hambara taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna. Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna no nataony satria hita sy tsapa ny fitiavana sy fintsinjovan'izy ireo ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy maro an'isa amin'ny fampandrosoana ny firenena.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandaharam-potoana manaraka ny fivoriambe, ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera indray ny tenany hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, ka toy izao izany:

Nivory ny Alatsinainy faha-19 Jona 2023 tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra, nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 TSARADIA Marco
- 3 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 4 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 5 ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 6 RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 7 RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 8 RAVONTY Tam-Téon Luc
- 9 RABEKIJANA Solofo Hery
- 10 FIENENA Richard

Ireo Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 RABENARY Jean
- 2 RAHARIMAMPIONONA
- 3 ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana dia Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina.

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Nisolo tena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|----|---------------------------------|---------------------------------------|
| 1 | RAMILISON Harifidy | Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana |
| 2 | RABEONY Voara | DAJC/MinAE |
| 3 | RANDRIANARITIANA Pierrot Serge | CN DEFIS |
| 4 | RASAMIRAVAKA Ioby | DDP |
| 5 | RAZAFINDRABE Haingo Mbolaso | DDP/SADE |
| 6 | RAKOTONINDRAINNY Zoely Narindra | DDP/SASD |
| 7 | RABARIJOHN Rivo | ROP |
| 8 | ANDRIARANANTSOA Hariniaina | RT |
| 9 | ANDRIAMIARIMALALA Alisoa | Spécialiste Infrastructure Vert |
| 10 | RASOLOFOSON Sedra Tahiana | RT |
| 11 | RAZAFINDRATOANINA Volatiana V | Coordinatrice |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana mba hanazava ny antonanton'ny Volavolan-dalàna.

Nandritra ny fandraisany fitenenana dia nambaran'ny teknisiana, fa ny tetikasa izay raiketin'izao fifanarahana izao dia mifantoka amin'ny fanatsarana ny famokarana, indrindra fa ny vary. Izany hoe fanohanana ny famokaram-bary any amin'ny Faritra Alaotra-Mangoro sy Sofia.

Ny tanjona dia ny fanatsarana ny taham-pamokarana sy fanamafisana ny fahafahan'ny tokantrano miasa amin'ny fambolena hiomanana amin'ny "choc climatique" mety hitranga.

Mitentina 225 tapitrisa dolara amerikana ny famatsiam-bola, ka ny 200 tapitrisa dolara dia avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena ary ny 25 tapitrisa dolara kosa mbola andrasana avy amin'ny AFD.

Mitentina 148 400 000 DTS na 200 tapitrisa dolara amerikana na 872 734 000 000 Ariary ny famatsiam-bola, 50 taona no amerenana ny vola, ka ny 10 taona voalohany amin'izany dia tsy amerenam-bola. Ny "commission d'engagement" dia 0,5% amin'ny vola indramina. Ny "commission de service" sy ny tahan-janabola dia samy 0%. Ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana no misahana ny tetikasa. Mifarana ny faha-29 desambra 2028 ny tetikasa.

Nanolotra soso-kevitra ny Solombavambahoaka iray, fa ny fiarovana ny fefiloha no tena tokony himasoana mba hahazoana vokatra bebe kokoa.

Nanamarika ny teknisiana, fa hialana amin'ny fividianana masomboly safiotra dia efa nisy ny fifanarahana tamin'ny Sinoa momba ny hanomezan'izy ireo "parents souches" amin'ny vary ho antsika mba hahafahana manaparitaka azy any amin'ireo firenena Afrikana noho isika mitantana ny "Africa Rice"

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna ny Vaomiera mpanapakevitra.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny Volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakateny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana no sady nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory, ka avy hatrany dia nomena fitenenana hamelabelatra ny volavolan-dalàna, Andriamatoa Minisitry.

Toy izao ny fanazavana fohy nataon'Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana: ny Faritra Sofia sy Alaotra-Mangoro no hisitraka ny tetikasa amin'ny fanatsarana ny fambolem-bary. Haharitra 5 taona no faharetan'ny tetikasa ary hahazo tombontsoa maro mihoatra noho ny fanatsarana ny taham-pamokarana vary sy fanatsarana ny fambolena izany koa ny tantsaha amin'ireo Faritra roa ireo. Rehefa misy tetikasa tahaka izao, mifanindran-dàlana aminy koa ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanamboaran-dàlana. Ny antony, mba hahafahana mamoka ny vokatra, mba hahafahana mifamezivezy ihany koa. Hisy ny fandriampahalemana rehefa tsara ny làlana amoahana ny vokatra.

Mikasika ny vola hindramina kosa, mitentina 200 000 000 dolara amerikana izany ary ny Banky Iraisam-pirenena no mpampindrana azy araka ny voalazan'ny Mpampakateny teo. Raha atao amin'ny vola Malagasy dia mitentina eo amin'ny 872 734 000 000 Ariary io famatsiam-bola io. Tokantrano miisa 150 000 misehatra amin'ny fambolena vary no hahazo tombontsoa mivantana amin'izany. Mazava ny tatitra teo, amin'ny faran'ny taona 2028 no hifarana ny tetikasa.

Amin'ny ankapobeny, ahitana «composantes techniques» maromaro ny tetikasa, ka avy amin'ireo no hanatanterahana azy mba hahitana fahombiazana ho an'ny tantsaha ny fampiharana ny teknika sy ny fitantanam-bola atao aminy.

Araka ny fantatra, ireo Faritra roa ireo dia anisan'ny toerana sokajiana ho sompitri'i Madagasikara, ka izay no antony itondrana fanatsarana amin'ny alàlan'izao tetikasa izao.

Nanambara, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'ny fanazavana nataon'Andriamatoa Minisitry, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia namerina nisaotra ny Vaomiera nahavita ny asa nankinina taminy; tahaka izay koa ny Minisitry, niara-nikaon-doha tamin'izy ireo ka nahatongavana amin'izao dingana handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny fivoriambe izao.

Mahasoa ny mpiray tanindrazana izao tetikasa izao, ka mendrika ny hotohanana. Mahavelom-bolo koa satria fampandrosoana ho an'ny firenena no entin'ny volavolan-dalàna. Eo anatrehan'izay, tokony tsy hisalasala ny Solombavambahoaka mba handany azy satria fampandrosoana no banjinina.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas kosa, nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna satria tombotsoam-pirenena no jerena.

Nitovy ny nambaran'Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin sy Andriamatoa DJAOSERA Irénée tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony, samy nanamafy ny fanentanana ny rehetra

hanangan-tànana ho fankatoavana ny volavolan-dalàna izay hita fa hitondra fampandrosoana ho an'ny Firenena izy ireo.

Nanamarika anefa Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fa tokony hanao tetikasa ho fiarovana ny ala any amin'ny Faritra Atsinanana ny Minisitery mba tsy haharipaka ireo zavaboahary ao anatin'ny.

Manao tetikasa maro momba ny tohadrano isika, hoy izy, kanefa tsy mba arovana ny ala. Raha ny marina, aleo hotohanana ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'ny fanomezana «accord de prêt» ho azy mba hahafahany miasa satria maro ny Malagasy no miantehitra amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana.

Nohamafisin'Andriamatoa DJAOSERA Irénée kosa ny tokony hijerena manokana ny lemak'i Mahadrodoka sy Angoaka-Sud any Analalava, satria raha ireo no hajariana dia mety hahavatsy ny vahoaka Malagasy rehetra izany. Amin'izay fotoana izay, tsy hanafatra vary avy any ivelany intsony isika.

Taorian'izay, nomena fitenenana Andriamatoa Minisitry, hamaly ny teny nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Fisaorana ny rehetra tamin'ny nanomezany soso-kevitra sy fanamarihana avy any ifotony amin'ny hanatanterahana ny tetikasa no nataon'Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary nitaona ny Solombavambahoaka ny tenany amin'ny hankatoavana ny volavolan-dalàna naroson'ny departemanta iadidiany.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nohamarihana fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ao anatin'ny fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nambaran'ny koa fa amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao, ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nangataka fanemorana.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-009/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement Projet de Productivité et de Résilience des moyens de Subsistance en milieu Rural, conclu le 09 avril 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Fisaorana no nasetrin'Andriamatoa Minisitry ny fahalianan'ny volavolan-dalàna, rehefa nomena fitenenana izy taorian'izay.

Rehefa izany, nitohy tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny fivoriambe, ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hamaky ny tatitra momba ny volavola-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AfOA), dont Madagascar et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord*».

Nanatanteraka izany, Andriamatoa FIENENA Richard Désiré, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Alatsinainy faha-19 Jona 2023 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany, ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana ary ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/ 2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'Accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AfOA), dont Madagascar et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord*».

Andriamatoa ANDRIAMBELOSOA Heriniaina, Filohan'ny Vaomieran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany no nitarika ny fivoriana.

Ireo Solombavambahoaka mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Indostria, ny Fampiroboroboana ny Sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Orinasa Madinika sy Salantsalany, tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
2. FIENENA Richard Désiré
3. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana
4. SATRA Augustin
5. RAKOTOMANGA Lanto

Ny Solombavambahoaka mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana tonga nanatrika ny fivoriana dia Andriamatoa SATRA Augustin.

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany:

1. RAKOTOSON Hubert
2. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny.

Nisolotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1	RAKOTONDRAMANANA Onja Miandry	SG/MICC
2	RAZANAKOTO Isidore	DGCC/MICC
3	RAZAFIMANDIMBY S.	DLE/MICC
4	RABEMANANJARA H.	DAJCC/MAE
5	RAZAFINDRAVOLA Sylvie Edmondine	DCE/MICC DRB
6	RAVELONANAHARY Anna Fanomezantsoa	DCE/SRIIE MICC
7	NIVO Harilaina Lydia	IICC DCE/ SRIIE
8	TALBOT Antonio	MAE/DIRL
9	ANDRIANANTOANDRO Lila Nadia	Chef de Service ACP UE/MAE
10	MAMILAZA Ulricka	Chargée d'Etude ACP UE
11	RAMILISON Mialy	SET/MAE

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanome fitenenana ny teknisiana mba hanazavany ny momba ny Volavolan-dalàna.

Nanambara ny teknisiana fa izao fankatoavana ny fifanaraham-piaraha-miasa ara-toekarena vonjy maika izao na "Accord de partenariat économique intérimaire -APEi" miaraka amin'i «Royaume-Uni» izao dia tapaka teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry ny 30 Novambra 2022. Tsy maintsy natao koa izao noho ny fivoahan'i «Royaume-Uni» tao anatin'ny Vondrona Eoropeana (BREXIT) tamin'ny 31 Janoary 2020 mba hiarovana ireo fifanakalozana ara-barotra efa nananantsika niaraka taminy tamin'izy mbola mpikambana tao anatin'ny Vondrona Eoropeana. Efa nanao izany ireo firenena telo mpikambana ao amin'ny AfOA, izay efa niroso tamin'ny fanaovana sonia ny 31 Janoary 2019 dia i Maorisy, «Seychelles» sy «Zimbabwe» fa i Madagasikara kosa nanatanteraka ny fanaovan-tsonia ny 4 Novambra 2021, teo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny teto Antananarivo.

Ny fanekena ny fifanarahana dia mba hisitrahan'ny andaniny sy ny ankilany tombontsoa ary indrindra ny atao hoe «réciprocité asymétrique» na fifanakalozana manome lanja kokoa ny tombontsoa ho an'ireo firenena an-dalam-pandrosoana. Ity fifanarahana ity araka izany dia mandrisika ny fampiroboroboana ny fifandraisana ara-barotra sy ara-ekonomika. Tsihivina fa manome tombony ho an'i Madagasikara ny varotra eo amin'i Madagasikara sy «Royaume-Uni», izay mitentina 14 696 000 dolara amerikana ny ambim-bolam-barotra. Izany hoe manondrana betsaka kokoa isika any "Royaume-Uni" mihoatra amin'ny fanafarantsika entana any.

Ny fankatoavana ny fifanarahana dia miantoka ny fitohizan'ny fifandraisana ara-barotra mba hahafahan'ireo mpandraharaha misitraka ny tombontsoa azo avy amin'izany, indrindra fa ny hampitombo hatrany izany tombontsoa ara-ekonomika izany.

Maro ireo sehatra hiaraha-miasa amin-dry zareo Britanika:

- Raha eo amin'ny sehatry ny filaminana an-dranomasina dia vonona koa ny Governemanta Britanika hiara-hiasa akaiky amin'ny «Commission de l'Océan Indien» ao anatin'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny «Centre Régional de Fusion d'Informations Maritimes» na CRFIM;

- Ary amin'ny maha-piara-miombon'antoka azy amin'ny IORA (Association des Etats Riverains de l'Océan Indien), ny Governemanta Britanika dia mampivoitra kokoa ny sehatry ny fampivelarana ny fahaleovantenan'ny vehivavy sy ny toekarena manga na «économie bleue».
- Nisitrika ihany koa ny fanohanana avy amin'ny "Royaume Uni" i Madagasikara tao anatin'ny ady maneran-tany tamin'ny valan'aretina "Covid-19".

Marihana fa mifanaraka tanteraka amin'ireo tanjon'ny Governemanta sy ny ezaka amin'ny fampandrosoana ao anatin'ny «Initiative pour l'Emergence de Madagascar» ireo lohahevitra voakasik'ity fifanarahana ity.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA SY VALINY:

1. Maninona no ireo firenena dimy ireo ihany no ao anatin'ny fifanarahana?
Ireo Firenena dimy ireo ihany no nivondrona tao anatin'ny fifanarahana mba hanamora ny fiaraha-miasa.
2. Efa nisy olana ve ny fifanarahana arak'asa tamin-dry zareo Britanika?
Mbola tsy nisy olana, fa fifanarahana vaovao izao atao izao. Marihana fa izao fifanarahana izao dia mametraka "accord bilateral" eo amin'i Madagasikara sy ny Firenena Anglisy izay tsy nisy teo aloha.
3. Mitovy amin'ny fifanarahana AGOA ve ity fifanarahana ity?
Tsy misy fifandraisana amin'ny AGOA ity fifanarahana ity, fa zavatra hafa tanteraka.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandraisana ny fanapahan-kevitra ny Vaomieran'ny Industria, ny Fampiroboroboana ny Sehatra tsy miankina sy ny Orinasa Madinika sy Salantsalany.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana mandray fanapahan-kevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'Accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du groupe Afrique Orientale et Australe (AfOA), dont Madagascar et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakatenin'ny Vaomiera tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanao ny famelabelarana ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgard, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, toy izao no nambarany: ny fialan'ireo firenen-dehibe tahaka an'i "Royaume-Uni" tao amin'ny vondrona Eoropeana no nahatonga izao fifanarahana izao. Notohizana ny fifanarahana ara-barotra miaraka amin'ireo mivondrona ao amin'ny "AFOA" na ny «Groupe Afrique Orientale et Australe», izay ahitana an'i Madagasikara, ny nosy Maorisy, ny nosy "Seychelles", "Zimbabwe" ary ny firenena Britanika. Izy fialan'ny firenena Britanika tao amin'ny vondrona Eoropeana izay indrindra no antony nandrafetana ny fifanarahana ara-barotra miaraka aminy sy ireo firenena telo izay efa niroso tamin'ny fanaovana Sonia tamin'ny taona 2019 lasa iny.

Toy izao no dingana tamin'io fifanarahana fiaraha-miasa ara-toekarena io. Tamin'ny 22 Oktobra 2019 no nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry fa hatao io fiaraha-miasa io. Notanterahana ny fanaovana sonia teo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny tamin'ny 4 Novambra 2021. Nandray anjara ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny satria ny fifanarahana toy izao dia manana ny lafiny ara-diplômatika. Isaorana manokana izy miaraka manotrana etoana ary araka ny fantatra, mifanaraka amin'ny tanjon'Andriamatoa Filohampirenena ihany koa ny fiaraha-miasa sahala amin'izao.

Resy lahatra ny fanjakana Malagasy satria vola mitentina 75 tapitrisa dolara eo ho eo no hiasa amin'ny fifanakalozana atao miaraka amin'ny firenena Britanika. Izany hoe, hita fa manome tombony ny firenena Malagasy ny fifandraisana ara-barotra mba tsy hisian'ny fatiantoka amin'ny mizanan'ny fifanakalozana.

Etsy andanin'izay, natao hitsinjovana ny firenena an-dalam-pandrosoana toa antsika koa izao fifanarahana hita ato anaty volavolan-dalàna izao.

Fitaonana ny Solombavambahoaka handany volavolan-dalàna no namaran'Andriamatoa Minisitry ny fitenenany.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa YVETTE Sylla, Minisitry ny Raharaham-bahiny, ka nomarihany sy nampahatsiahiviny ny mpiray tanindrazana fa hatramin'ny andron'ny tetezamita dia efa nanana ambasadaoro Malagasy tany amin'ny firenena Britanika isika ary ny ambasadaorony koa efa niasa sy nonina teto Madagasikara hatramin'izay. Noho izany, azo lazaina fa «accord économique» sady «accord diplomatique» no raiketin'ity volavolan-dalàna aroso eto amin'ny Antenimierampirenena ity. Koa raha ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta no jerena, efa naharitra ela izany.

Eo anatrehan'izay, mitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna satria fanavaozana ny endri-piaraha-miasa sy fanamafisana ny fifandraisana eo amintsika sy ny firenena Britanika izao hatao izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisam-pitenenana tao anaty adihevitra ankapobeny ny mpivory rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nambarany fa ankatoaviny 100% ity volavolan-dalàna ity ary handany izany ny tenany.

Nisaotra sahady ireo hiombon-kevitra aminy amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna koa izy.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa, nangataka ny hizarana amin'ny Solombavambahoaka rehetra ny "version électronique" momba ity fifanaraham-piarahamiasa izay angatahana fankatoavana eto anivon'ny Antenimierampirenena ity alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra raha azo atao. Ny antony, maro ny Solombavambahoaka no te-hahafantatra ny votoatiny.

Ho an'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert indray, tsy nitsahatra namerina fisaorana hatrany ny Vaomiera sy ny Minisitery tamin'ny fanatanterahany ny asany ny tenany.

Fisaorana ny Minisitry mianadahy koa tonga nanazava ny ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy momba izao volavolan-dalàna izao no nataony.

Nofaranany tamin'ny fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna ny fandraisany fitenenana.

Raha nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, RAZAFINDRAVAHY Edgard, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, nanambara fa efa misy amin'ny teny vahiny ny fifanarahana ara-barotra ary efa eo an-dalam-pandikana izany amin'ny tenim-pirenentsika koa ny Minisitery amin'izao fotoana izao. Rehefa vita tanteraka izany, manome toky ny Minisitery, fa tsy maintsy aparitaka amin'ny Solombavambahoaka rehetra izany. Homena «version électronique» ihany koa ny olom-boafidy amin'izay fotoana izay.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ireo andininy ao anaty fifanarahana, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nomarihany koa fa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tahaka izao, ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 27 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «autorisant la ratification de l'accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AFOA), dont Madagascar et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord».

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy teny tiany hambara taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna.

Fisaorana ny rehetra no nataon'Andriamatoa RAZAFINDRAVAHY Edgard, Minisitry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, tamin'ny fiaraha-miasa indrindra ny fitiavan-tanindrazana nasehon'ny Solombambamahoaka tamin'ny nankatoavana ireo volavolan-dalàna miisa telo nentina teto amin'ny Antenimierampirenena tamin'izao andro izao eny na dia somary lavalava aza ny fotoana nanatanterahana ny fandinihana azy ireo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ny Talata 20 Jona 2023, amin'ny 10 ora maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny efitranon'ny Birao Maharitra. Nentaniny izay rehetra voakasika amin'izany mba ho tonga ara-potoana.

Niato tamin'ny 5 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona